

Fiainam-pirenena

2

Marefo ny fampianarana eto amintsika

Zaza Ramandimbiarison

3

Paska: enga anie hiverina ny fifampitokisan'ny samy Malagasy



Alakamisy 6 april 2023

Laharana 1422

Vidiny : 600 Ar

RNT8 Morondava-Bekopaka 6

Tsy maintsy misokatra  
hoy ireo mpisera-dia

[www.gvalosoa.com](http://www.gvalosoa.com)

[gvalosoa@yahoo.com](mailto:gvalosoa@yahoo.com)

facebook : gazety valosoa rakoto

**Filoha Ravalomanana** 2

**Miombom-po amin'ny mpanao  
gazetin'ny La Gazette de la Grande Ile**



**Resaky ny SEG sy Rajoelina** 2

**Ilay jeneraly Serge  
Gellé mihitsy no toa fôpla**



**Ministra Tokely Justin** 2

**Nahazo teha-maina tamin'ny  
fianakaviambe iraisam-pirenena**



**Jirama** 7

**Manamafy ny fikarohana ireo  
tale jeneraly teo aloha ny Bianco**



**Halatra basin'ny fonjan'i Vavatenina** 6

**Mpiandry fonja 3 sy voafonja  
3 nidoboka am-ponja**

**Fetin'ny Paska** 7

**Fihenam-bidy miavaka  
ao amin'ny Baolai**

**Daka kely**

Efa mahamenatra amin'ny  
Vozongo mihitsy ny atao'n'ialahy sy  
ny akaman'ialahy ry Boaikely a !

## FILOHA RAVALOMANANA

# Miombom-po amin'ny mpanao gazetin'ny La Gazette de la Grande Ile

**N**andritra ny fihaonana fifampiarahabana trtry ny taonan'ny Tiako i Madagasikara, na ny TIM Manjakandriana ny alatsinainy teo tany Sambaina, nasian'ny filoha Marc Ravalomanana teny ny momba ny resaka fahalalahany asa fanaovan-gazety eto amintsika. Miombom-po amin'ny mpanao gazetin'ny La Gazette de la Grande Ile aho, hoy ny filoha Ravalomanana. Tsy rariny ny fanakatonana ity gazety, sy ny karazan'ny fandrobana ny fitao vany nataon'ny mpitandro filaminana hoy ny filoha nasionalin'ny antoko TIM, sady filohan'ny rodoben'ny mpanohitira RMDM. Manohana ny hetsika atao ny federasianon'ny fikambanan'ny mpanao gazety : FAJAM koa izy, mitaky ny hanokafana indray ity gazety, satria raha tsy misy ifandraisany amin'ny asa fanaovan-gazety ny raharaha Lola Rasoamaharo, tokony tsy ho norobaina ny fitao vana nampiasan'ny mpanao gazety sy ity gazety ity. Noho ity raharaha ity misy ambadika politika, mpanao gazety maro no lasa tsy an'asa, ka azo ekena izany hoy ny filoha Marc Ravalomanana, fanitsaktsahana ny

Ministra Tokely Justin

## Nahazo teha-maina tamin'ny fianakaviambe iraisam-pirenena

Mahakasika ilay tsy faha zoana mamory olona ankalamanjana navoakan'ny ministry ny atitany : Tokely Justin, azo lazaina fa felaka teha-maina no no men'ny fianakaviambe iraisam-pirenena azy, satria tsy manaja ny lalana iraisam-pirenena izany, tsy manaja ny zon'olombelona, eny tsy manaja ny lalampanorenana misy koa. Namoaka fanambaranana iraisana ny Vondrona iraisam-pirenena, manoloana ny fanapahankevitry ny governeanta, izay mandrara ny famoriam-bahoaka ankalamanjana, araka ny nitondran'ny ministry ny atitany, Tokely Justin, azy ny zoma 31 martsa lasa teo ireny. Naneho ny ahiahiny ireo masoivoho vahiny avy

Fiainam-pirenena

## Marefo ny fampianarana eto amintsika

Amin'izao fotoam-pialantsasatry ny Paska izao, dia mba nanatona mpianatra sy ray amandrenin'ny mpi-anatra vitsivitsy ny gazety, nanontany azy ireo hoe: mba nanao ahoana ny fahitanareo izay fotoampianarana vita izay raha oharina amin'izay toe-draharaha sy tranga na ny lalana nodiavin'ny firenena izay? Tsorina fa ny ankizy amin'ny CeG, Lycée, sy ambaratonga ambony dia samy nilaza fa "MANTA MOHAKA", "TSIZARIZARY", MAREFO ny fampianarana eto. Tsy ampy ny tanjona tokony ho tratarina, be ireo taranja tsy tontosa aradalana noho ny olana vokatry ny andro ratsy, ny fahasahiranana ara-bola, ny tsy fahaiza-manao eo amin'ireo mpanabe, izay efa tsiny nanenjehana ny



Ny filoha Marc Ravalomanana.

fahalalahany asa fanaovan-gazety, sy fanitsaktsahana ny zon'olombelona ihany koa, amin'ny tsy nijrena ny zon'ireo mpanao gazety.

Isambilo



amin'ny firenena manankatao monina sy miasa eto amintsika, izay nanao sonia ity fanambarana ity, sao hitarika korontana eto Madagasikara, amin'izao ankatoky ny fanomanana ny fididianana ho avy, ity fanapahan-kevitra noraisin'ny governemanta, taminalalan'ny ministeran'

ny atitany ity. Anisan'ireo nanisy ny sonia ny Delegasionan'ny Vondrona Europeanina eto Madagasikara sy ny Union of Comores; ny Masoivohon'i Alemania eto Antananarivo; ny Masoivoho Frantsay eto Madagasikara, ny Masoivohon'i Japon eto Madagas-

car; ny masoivoho Britanika (UK in Madagascar); ny Masoivohon'i Suisse eto Madagasikara; ny Biraon'ny masoivohon'ny Fanjakan'i Norvezy eto Madagasikara; ary ny Masoivohon'i Etazonia.

Manantena sy miandrana ny fididianana madio, mangarahara, marina, eken'ny rehetra ao anaty fitoniana ny Vondrona iraisam-pirenena, arak'io fahambarana iombonana nataon'izy ireo io. Mahakasika ity raharaha ity, efa tezitra sy nanakiana mafy ity ministry ny atitany ity, sy ny governemanta koa, ny filoha nasionalin'ny rodoben'ny mpanohitira RMDM, sady filoha nasionalin'ny antoko TIM, Marc Ravalomanana.

Niaina

Anisan'ny mahatohina ny tena mpino kristiana marina ny fahenoina, na ny fahitana olona milaza ny tenany ho kristiana, nefy ny fihetsika sy ny zavatra ataony mièla amin'ny sori-dalana voafaritr' izany. Ratsy no aterak'izany, satria sady manohintohina ny olona sasany izany, no mety hampihemotra ihany koa ny hafa tsy hiroso resy lahatra amin'ny finoana kristiana. Anaty herinandro masina rahateo isika ary indrindra alakamisy masina izay andro lehibe ho an'ny kristiana izany, ka fotoana mety izao ilazana izany fihetsik'olona mamohehitra izany. Tsy entinkentim-poana ny anarana maha kristiana, ary tsy isaloran'izay te hisalotra rehetra izao kanefa karazany manombo fanindroany an'i Kristy izany toetra ratsy izany, na ihany koa karazany ambodia mitafy hodi-janak'ondry. Mièla tsiny amin'ny teny mitsara ihany, fa efa tsy fotoana intsony izao hifamitahana na hamitaham-bahoaka. Ilay vahoaka malagasy efa fadiranovana mafy ary mena-mitaha amin'ny firenen-kafa ilay Madagasikara, noho ny fampahan-trana lalina nandrity ny fotoana maharitra.

Miha-mibaribary hatrany ny fampanjakana ny tsy rariny sy tsy hitsiny eto amin'ny firenena amin'izao fotoana izao. Ny fitondrana mihitsy no tena manao izany, ary voamarina ny tenin'ny profesora James Ratsima fony fahavelony izay nanitrikitrika ny amin'izany. Niara-haheno sy nahalala tsara ny fannabarana miaro hafetsen-dratsy izay vakiana fotosiny araka ny fitenenana ankehitriny. Mody nampidrina ihany koa ny antoko manohana ny fitondrana, mba tsy hibaribary sy mora aelin'ny akoho tokan'anaka ny nambara. Miharihary, fa manao kajikajy politika mafy ny olon'ny fitondrana ankehitriny iarovan-tseza, ary fanta-bahoaka ihany koa ny tahotra misy aminy hiatrika izao fididianana izao. Efa be ny olom-pirenena sy antoko nilaza izany. Ny resaka eny anivon'ny fiaraha-monina, hatrany anaty fiara fitateram-bahoaka ihany koa mirona amin'izany. Ka inona intsony no mbola afenimpennina? Andrasana fatratra indray ny ho vokatry ny fanadihadiana momba ilay rakipeo namoaka tsiambarate-lon'ny fitondrana iny, resaka teo amin'ny filoha Rajoelina, sy ny sekreteram-panjakana amin'ny zandrimariam-pirenena (SEG) Serge Gellé izay nolazaina fa afaka herinandro eo raha ela dia ho fantatra sy ambaran'ny fitondrana ny vokatry ny fanadihadiana. Raha halalinina ity raharaha ity dia ny SEG mihitsy no fôpla araka ny fitenin-jatovo, inona no nakan, na ny nanaovany "enregistrement" ny resany tamin'ny filoha, naninona koa no mbola naparitany tao amin'ny vondrona Whatsapp ny zandary izany, fa tsy baiko no tonga dia nomeny ireo zandaryn rehefa avy niresaka tamin'ny filoha izy. Midika fa tsy mahatana tsiambaratelo ity manamboninahitrambony jeneralty ity, ka ho hita eo ny fanapahan-kevitry ny filoha sy ny fitondrana momba azy. Ity raharaha ity angamba no ho voalohany amin'ny fanadihadiana natao, mba hisy tohiny sy fiafarany. Ho hita eo...

Sôh'son



Fram sasantsasany hantrany raha vao niandoha ny taom-pianarana. Ny eny amin'ny Anjerimontolo, dia ity vola fampiana ny mpianatra tsy mety mivoaka ity, no efa sakana ho azy ireo, ka mahatonga ny fianarana ho tsizarizary sy efa tojo fitokonana sy fihetsiketsehana samihafa foana. Ny

ankizy madinika ihany koa dia nolazain'ireo ray Aman-dreniny, fa tsy araka satria nisondro-bidy avokoa ny fitao vam-pianarana, ka lasa kitoatoa daholo ny anjaran'izy ireny, tsy afaka manao fianarana manokana "cours" ohatra, satria mbola mila tambiny avokoa izay atao, tsy ampy ny ho enti-ma-

Beharo

## Ny Valosoa sy fakafaka

Resaky ny SEG sy ny Filoha Rajoelina  
Ilay jeneralty Serge Gellé  
mihitsy no toa fôpla

Anisan'ny mahatohina ny tena mpino kristiana marina ny fahenoina, na ny fahitana olona milaza ny tenany ho kristiana, nefy ny fihetsika sy ny zavatra ataony mièla amin'ny sori-dalana voafaritr' izany. Ratsy no aterak'izany, satria sady manohintohina ny olona sasany izany, no mety hampihemotra ihany koa ny hafa tsy hiroso resy lahatra amin'ny finoana kristiana. Anaty herinandro masina rahateo isika ary indrindra alakamisy masina izay andro lehibe ho an'ny kristiana izany, ka fotoana mety izao ilazana izany fihetsik'olona mamohehitra izany. Tsy entinkentim-poana ny anarana maha kristiana, ary tsy isaloran'izay te hisalotra rehetra izao kanefa karazany manombo fanindroany an'i Kristy izany toetra ratsy izany, na ihany koa karazany ambodia mitafy hodi-janak'ondry. Mièla tsiny amin'ny teny mitsara ihany, fa efa tsy fotoana intsony izao hifamitahana na hamitaham-bahoaka. Ilay vahoaka malagasy efa fadiranovana mafy ary mena-mitaha amin'ny firenen-kafa ilay Madagasikara, noho ny fampahan-trana lalina nandrity ny fotoana maharitra.

Miha-mibaribary hatrany ny fampanjakana ny tsy rariny sy tsy hitsiny eto amin'ny firenena amin'izao fotoana izao. Ny fitondrana mihitsy no tena manao izany, ary voamarina ny tenin'ny profesora James Ratsima fony fahavelony izay nanitrikitrika ny amin'izany. Niara-haheno sy nahalala tsara ny fannabarana miaro hafetsen-dratsy izay vakiana fotosiny araka ny fitenenana ankehitriny. Mody nampidrina ihany koa ny antoko manohana ny fitondrana, mba tsy hibaribary sy mora aelin'ny akoho tokan'anaka ny nambara. Miharihary, fa manao kajikajy politika mafy ny olon'ny fitondrana ankehitriny iarovan-tseza, ary fanta-bahoaka ihany koa ny tahotra misy aminy hiatrika izao fididianana izao. Efa be ny olom-pirenena sy antoko nilaza izany. Ny resaka eny anivon'ny fiaraha-monina, hatrany anaty fiara fitateram-bahoaka ihany koa mirona amin'izany. Ka inona intsony no mbola afenimpennina? Andrasana fatratra indray ny ho vokatry ny fanadihadiana momba ilay rakipeo namoaka tsiambarate-lon'ny fitondrana iny, resaka teo amin'ny filoha Rajoelina, sy ny sekreteram-panjakana amin'ny zandrimariam-pirenena (SEG) Serge Gellé izay nolazaina fa afaka herinandro eo raha ela dia ho fantatra sy ambaran'ny fitondrana ny vokatry ny fanadihadiana. Raha halalinina ity raharaha ity dia ny SEG mihitsy no fôpla araka ny fitenin-jatovo, inona no nakan, na ny nanaovany "enregistrement" ny resany tamin'ny filoha, naninona koa no mbola naparitany tao amin'ny vondrona Whatsapp ny zandary izany, fa tsy baiko no tonga dia nomeny ireo zandaryn rehefa avy niresaka tamin'ny filoha izy. Midika fa tsy mahatana tsiambaratelo ity manamboninahitrambony jeneralty ity, ka ho hita eo ny fanapahan-kevitry ny filoha sy ny fitondrana momba azy. Ity raharaha ity angamba no ho voalohany amin'ny fanadihadiana natao, mba hisy tohiny sy fiafarany. Ho hita eo...

Sôh'son

## PRIERE AU SACRE CŒUR



Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue. Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues. Hanta R.

## Ny Valosoa sy hadihady

Fitondrana Rajoelina

**Tsy tambo isaina ny fanitsahana lalampanorenana ataony**

Tsy fantatra intsony na tsy fahaizana mitantana na tahotra diso tafahoatra, na fampiharana mivilana ny lalàna velona no itantanan'izao fitondrana Rajoelina Andry izao ny Firenena noho ny resaka politika. Ny tena mibaribary dia ny tsy fanajana ny Lalàmporenana teo amin'ny fanendrena governora isam-paritra kanefa fididianan'ny mpifidy vaventy no mifidy ny Lehiben'ny Faritra sy ireo Mpandalontsaim-paritra. Nanambara ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmporenana (HCC), fa « vonjy maika » (provisoire) ihany izany kanefa dia efa ho tapitra ny fe-potoana itondran'ireo nampindramina ny fahefana ireo, fa mijanona eo amin'ny toerany ireo governora. Torak'izany koa ny any amin'ireo Kaominina tsy mbola misy Ben'ny Tanàna sy mpanolotsain'ny tanàna miisa roaplo mahery. Efa mahazatra ny filohan'ny Repoblika Rajoelina ny mibodo fahefana, ka mampitatra izany araka izay tiany toy ny tamin'ny tetezamita. Tsy azo odiana tsy hita ny fifampifangaroana ny fahefana, ka ny fahefana mpanatanteraka indray no mibaiko ny fahefana mpitsara sy ny fahefana mpanao lalàna. Ny tranga tato ho ato misongadina dia ny raharaha Rasoamaharo Lôla izay niandoha tamin'ny resaka voalaza, fa fitakiana vola tsy ara-drariny izay nosokajian'ny mpitoky azy ho raharaha sivily kanefa namoronana vesatra hafa indray dia ny tsy fandoavany faktioran'ny Jirama mitentina efajato tapitriza ariary ny taona 2016. Tsy fantatry ny niketrika ny vesatra, angamba, fa misy ny « prescription quadriennale » izay mama-ritra, fa rehefa tsy nihetsika tao anatin'ny efatra taona izay mahatsiato ho tsy nisitraka ny zony ara-bola dia foana ho azy izany. Midika izany fa ireo manampahefana ankehitriny toko, no mitondra ka afaka manao izay tiany atao. Tsy lazaina intsony ny fanaovan'ny olom-boatendry tsinontsinona ny olom-boafidy, ka "préfet de police" no manakana, amin'ny alàlan'ny herim-pamoretana, ny solombavambahoaka tsy hanao tatitra amin'ireo vahoaka nify azy. Fandikan-dalàna tsotra izao ny fanakanana ny olompirenena na mpanao politika na olon-tsotra na fikambanana tsy haneho hevitra izay midika ho fanitsakitsahana ny demokrasia sy fizorana any amin'ny didy jadona. Niara- naheno ny vaovao tany Toamasina, fa ny "préfet de police" no mampiantona didim-pitsarana satria olom-boatendry izy, ka tsy fahefany na zony ny ma-

nome baiko ny fitsarana. Satria ny mpitondra ankehitriny no nanendry azy dia mihevitra izy fa azony atao ny manao izay tiany atao, ka tsy maintsy milefitra amin'izay fanapaha-keviny ny sehatra rehetra ao anatin'ny tanàna ananany fahefana. Mihevitra ihany koa ity manam-pahefana ity fa ao anatin'ny antokon'ny mpitondra izy, ka afaka mampiasa izany loko politika izany na dia amin'ny maha mpiasam-panjakana azy aza. Midika izany fa ireo manam-pahefana isan'am-baratongany eo amin'ny sehatry ny asam-panjakana dia mihevitra, fa rehefa manohana ny fitondrana izy dia afaka mitsabaka amin'ny raharaha any amin'ny sehatra tsy azony idirana. Efa mahazatra ny fandikan'ny herim-pamoretana ny lalàna momba ny "franchise universitaire" ka idirany amin-kery any anatin'ny faritry ny Anjerimanontolo ary isamborany mpianatra mitaky ny zony tsy nositrahany nandritra ny volana maro. Mitaky ny fanaovana fanadihadiana momba ny fitifirana vahoaka tany Ikongo ny solombavambahoaka voafidy tany an-toerana. Araka ny kabary nataon'ity solombavambahoaka ity dia têna manelin gelina ny mpitondra izy, ka nisy fivoran'ny tandapa teto an-drenivohitra, ny sabotsy lasa teo, ka nisongadina tamin'izany ny tetika hoentina manao velampandrika hamonoana azy ho faty. Tsy misy miafina amin'ny olompirenena mpanaraka ny fiainam-pirenena, indrindra eo amin'ny sehatra politika, fa manampatra fahefana sy tsy mitsahatra ny manitsakitsaka ny lalàna velona eto amin'ny Firenena izao fitondrana izao. Hiatrika fididianana ny Malagasy amin'ity taona ity, ka mba hahalany izay kandidà mendrika sy tiana ho tonga eo amin'ny fitondrana dia ireo lalàna tsara indindra dia ny fandrafetana ny Lalàmpidifidianana hanampenana ireo hirika rehetra hangalara, hanamarinana ny lisitry ny mpifidy sy hame-trahana mpikambana ao amin'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmporenana sy ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena Miandraikitra ny Fifidianana, ho avy amin'ny hery velona rehetra misy eto amin'ny Firenena. Adidy tsy maintsy tanterahin'ny Raiamandreny ara-panahy sy ireo Olobe ny mandresy lahatra ny mpifidy tsy an-kanavaka, hahay hanavaka ny vary sy ny tsiparifary, ka tsy ho voavidy amin'ny zavatra mando sy manodoka fa hibanjina lavitra.

Andry Tsiavalona

Andriandrainarivo Josephin

**Tokony hifampierana amin'ny rehetra ny hankalazana ny taom-baovao Malagasy**

Tsy maintsy teny ifampierana avy amin'ny solontenan'ny foko rehetra eto Madagasikara no tanterahina, mba hahatonga ny fankalazana ny taom-baovao Malagasy iraisan'ny rehetra, hoy Andriamatoa Andriandrainarivo Josephin filoha nasionalin'ny Antm : fikam- banan'ny mpitsabonentim-paharazana eto Madagasikara. Nanohy fanazavana ity filoha nasionalin'ny vovonan'ny mpitsabonentim-paharazana eto Madagasi- kara ity, fa efa nisy rakitra ara-tantara momban'ny taom-baovao Malagasy ny 1908-1909 tao amin'ny Akademia Malagasy, izay namafy fa isaky ny volana Bitaka (Septembre) na loha-taona no misokatra ny taom-baovao Malagasy ary efa nanatantera fivoriana tetsy amin'ny « Arrupe » Faravohitra ny Zanadranavalona Anosimanjaka, notronin'ny solontena avy amin'ny faritra nandinika miaraka ny fomba hanatanterafana ny fanamarihana an'io taom-baovao Malagasy io. Nanamafy Andriamatoa Josephin, fa nosan- tarina teto Imerina ny hetsika fankalazana ny taom-baovao Malagasy ny tsinam-bolana Septembre 2017, ka ny tananàn' Antsirabe sy i Betafo ary i Ambohimanga no nandray izany. Nanohy fanazavana ny filohan'ny Antm, fa i Fianarantsoa no nampiantrano ny hetsika fanamarihana ny taona 2018, ny faritanin'i Toamasina ny taona 2019, taorian'ny fihobohana 2020 dia tananàn' Mahajanga no nampiantrano ny fankalazana ny taom-baovao ny taona 2021, ny faritanin'i Antsiranana ny taona 2022 ary ny faritanin'i Toliora no hanaovana ny fanamarihana amin'ny tsinam-bolana Septembre 2023 ho avy izao. Manoloana ny resaka maro mandeha amin'izao fotoana izao dia nilaza Andriamatoa Josephin, fa tsy fankalazana ny taom-baovao Malagasy ny fetin'ny Santabary (Volana Martsa) sy ny Alahamadibe (20 April-23 April), fa taom-baovao ho an'ny foko Merina ary tsy maintsy ifampierana amin'ny be sy ny maro ny fametrahana ny taom-baovao Malagasy, mba hisian'ny fairsankinan'ny mpiray tanindrazana.

Franck Razakambelo



ZAZA RAMANDIMBIARISON

**Paska: enga anie hiverina ny fifampitokisan'ny samy Malagasy**

**Mitondra fanehoan-kevitra momba ny raharam-pirenena indray ny mpa-nao politika, Praiministra lefitra teo aloha, Zaza Ramandimbiarison amin'izao Heriandro Masin'ny Pas-ka izao:**

"Enga anie hiverina ny fifampitokisana ny samy Malagasy ary ny "Paska", hanome fanomezana lehibe ho antsika rehetra dia ny "Fanantenana vaovao". Mandihy fotoana sa-rotra i Madagasikara. Mahantra tanteraka ny Malagasy maro an'isa. Mialaao anatin'ny fifandraisana iraisam-pirenena tena mifamatotra isika ankehitriny. Moa ve tsy tokony hanararaotra ny fiovan-javatra izay miseho eo anion'izao tontolo izao, mba hametrahana fiaraha-miisa vaovao sy fototra vaovao hananganana Madagasikara "manara-peni-tra"; ny Malagasy rehetra

dia manantena fahasambarana ao anatin'ny filaminana. Fotoana izao hanombahan'ny fanovana amin'ny fomba tsara ny fari-piainan'ny Malagasy. Ny ankamaroan'ny Malagasy dia miandrandra ny fiverenan'ny fihavanana matotra indray, sy hampanjaka ny firahalahania tanteraka. Ary izany dia tokony hatomboka amin'ny teny ifampierana amin'izao fotoana fikarakarana ny fididianana izao, ka hanamafy orina ny fifampitokisana indray. Ny eritreiry ny maro momba ny "Madagasikara rahampitso" dia Madagasikara mamaly ny filan'ny anka-maroan'ny Malagasy, ny ilaina ankehitriny sy ho avy amin'ny alalan'ny fandrosoana ara-toekarena sy ny fiovana ara-tsosialy; Madagasikara mampihatra fomba fitantanana sy fiasa madio sy mangarahara. Manana fotodrafi-

trava maharitra sy manara-penitra; "Madagasikara rahampitso" ho an'ny maro dia ho fiaraha-monina azo antoka, mponina nianatra sady salama tsara ary mampihatra foana ny fihavanana sy ny fahamarinana. "Madagasikara rahampitso" dia mandroso ara-toekarena sy manana vola matanjaka. Tsy hanomboka izany vina izany, raha toa ka tsy manomboka amin'ny fanta-terahana ny fididianana filoham-pirenena madio sy mangarahara manaraka ny dingana sy fepetra nodinihana, sy nifanakalozana ary nanka-toavin'ny samy Malagasy tamin'ny alalan'ny fifampiresahana an-kalalahana sy an-kitsirano tsy misy tetika maloto ao ambadika. Raha mandeha tsara izany teny ifampieranana izany dia hiorina indray amin'izay ny fifampitokisana eo amin'ny samy

Nangonin'Isambilo

Tena tsy ampiasàny saina ny tontolom-pampianarana,

Fa ataony faralahiny amin'ny zavatra rehetra.

Izany hoe greyv izany, nofinofy izay hifarana,

Vahaolana mba hainy : fitaka sy herisetra !

Mpianatra efa lany vatsy sy tsy manan-trano akory, No indreny fa mijoro sy mitaky izay mba zony.

Nefo tokana ny baiko : izay mihetsika sambory.

(Donto ve ireo mpitondra, tsisy fo mitempo intsony ?)

Nefo anie tsy volabe ity ilay vatsy fanome, Fa tena kely sady zara raha hoe mahatody volana.

Saingy toa vao mainka koa alentiky ny debabe, Ka dia mitohy mitohy hatrany sady tsy mivaha ny olana !

Fampiesonana no betsaka, laingalainga tsy mijanona: "Efa ao anie ny vola fa sonia no sisa andrasana!"

Kanjo inona no eo fa toa tsy misy zava-banona.

(Asa angamba, mbola vola hotadiavina any am-pasana !)

Ny mpitandro filaminana, efa be manaonao foana: Tovovavy no aboridany, anehoany ny habibiany !

Baiko avy amin'iza ireny, ireo lehibenve no moana, No dia tsy ahitana teny, sa izay no fialiany ?

...Fa dia tsy ampiasana saina ny tontolom-pampianarana. Izay hoe drafi-panarenana dia tsy hita sy tsy tazana.

K'aza gaga raha tsy misy izay mba sombim-pivoarana, Noho ireo donto mianakavy tsy ahitana fahombiazana !


# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao


Helisoa, Navalona

Nanentana ireo olompirenenena hisoratra anarana ao anaty lisipifidianana ny TIM Boriboritany faha-2, ka ny fokontany Miandrivo, Volosarika, Faliarivo Ambanidja, no nandehanan'izy ireo tamin'izany.



Depiote TIM, Feno RALAMBOMANANA, vita ny fanamboarana "dalot d'evacuation" ao amin'ny Fokontany Antaninandro Ampandrana, tafiditra ao anatin'ny volan'ny CIAD 2021 ao amin'ny Boriboritany fahatelo Antananarivo Renivohitra.





## NY TENY FIANANA

"Fifandirana ihany no vokatry ny fiavonavonana; fa ao amin'ny mino anatra no misy fahendrena."

Ohabolana 13:10

## Sakafo Ny Valosoa



Akoho sy holatra saosy indray, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Dia mazota homana tomponko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

## Ny mahatsara ny menaka avy amin'ny coco

Ny mahatsara ny menaka avy amin'ny coco, na voaniondray, no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Ny huile de Coco, na menaka avy amin'ny coco dia menaka tsara atao amin'ny sakafo andrahoina. Hanina amin'izao raha misy cholesterol sy triglyceride ambonys, tsara ho an'ny olona manana olana ao amin'ny saina koa izy.



## NY VALOSOA sy Mahaliana

## Ny tanànan'Ambahoabe distrikan'i Soanierana Ivongo faritra Analanjirofo

Tao aorian'ireo tanàna tamin'ny kaominina miisa 12 tany amin'ny distrikan'i Maroantsetra, ireo tanàna amin'ny kaominina miisa 8 any amin'ny distrikan'i Soanierana Ivongo, faritra Analanjirofo ihany, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao.

Ny tanànan'Ambahoabe distrikan'i Soanierana Ivongo faritra Analanjirofo indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Ambahoabe ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 8 mandrafitra ny distrikan'i Soanierana Ivongo. Mbola tsy tena avo toerana izy, satria 123 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Any afovoany atsimon'ny faritra Analanjirofo no misy azy. Vokatra any ny jirofo, ny vary, ny voankazo toy ny letchi, ny akondro, ny manga, ny haninkotrana toy ny mangahazo, ny vomanga.



## MPANAO GAZETY LIVAMALALA A.

## Nilofika teo amin'ny faha-34 taonany

Misaona ny tontoloni'ny asa fanaovan-gazety Malagasy, fa nilofika tamin'ny alatsinainy 03 april 2023 teo, teo amin'ny faha-34 taonany, ny namana mpao-nanjoana gazety mpikarakira vaovao ara-panatanjaha-tena ary mpikambana feeno ao amin'ny ao amin'ny UJSM "Union des Journalistes Sportifs de Madagascar", sy niasa handritra ny 12 taona katroka tao amin'ny fahitalavitra Viva, Andriamananjara Livamalala na Liva. Aretina AVC no nahazo tampoka azy tamin'ny antoandon'io andro alatsinainy io, rehefa avy nisakafo teny Alarobia, fa avy nanodina fandaharana Top Chrono



Andriamananjara Livamalala fony fahavelony.

nandeha tamin'ny 6 ora hariva tamin'io andro io ihany ny tenany. Tsotra sy be vazivavy i Liva fony fahavelony, raha ny nifaneraserana taminy ary amin'ny maha mpikirkira vao-

vao ara-panatanjaha-tena azy dia saika nifanena nivantana taminy foana teny an-kianja Samihafa teo Andrenivohitra izahay, rehefa nitrandraka ifotony ny vaovaom-panatanja-

hantena ary indraindray aza niaraka hatrany amin'ny Faritra ivelan'Antananarivo mihitsy. Namela mananontena sy zanaka vavy kely iray Itompokolahy amin'izao nandazany ny tany izao, ka eny Mahazoarivo no hiandrasana ny nofo mangatsia-ka ary rahampitso zoma 06 april 2023 no hasitrika eny Anjanaharry. Izahay eto amin'ny Gazety Ny Valosoa Vaovao dia mirary fiononana feno ho an'ny ankohonany sy ny fianakaviani manontolo ary ny fianakaviamben'ny mpanao gazety amin'ny ankapobeny mihitsy. Veloma ary mandria am-piadanana Liva!

Rainilita

## Ny Club Cosfa Football

## Ekipa faharoa tafita amin'ny «Playoffs Orange Pro-League 2022-2023»

Ny Cosfa Football ao amin'ny vondrona "Conférence Nord" manana isa 23, no ekipa faharoa tafita hiatraka ny dingana "Play-offs", amin'ny fifaninanana baolina kitra "Orange Pro-League 2022-2023". Amin'ny alahady ho avy izao dia hikatoka amin'ny ekipan'ny Tffc Mahajanga etsy amin'ny kianja syntetika Mahitsy ity ekipan'ny Miaramila ity amin'ny andro faha-13. Fandaharan-dalao andro faha-13 samy hanomboka amin'ny 2 ora 30 avokoa. Von-drona "Conférence Nord" sabotsy 08 april 2023 : Cosfa # Tffc (kianja sentetika Mahitsy), Alahady 09 april 2023 : Uscafoot # Ajesaia (kianja monisipaly Alarobia), Asa Diana # Fosa Junior Fc (kianja



Ny ekipan'ny Cosfa Football 2023.

monisipaly Antsiranana), Tia Kitra Fc # As Fanalamanga (kianja "Barikadimy Stadium Toamasina"). Von-drona "Conférence Sud" Asabotsy 08 april 2023 : Cffa # 3Fb

Toliara (kianja "Elgeco Plus Stadium By-Pass), Elgeco Plus # Dato Fc (kianja "Elgeco Plus Stadium By-Pass), Alahady 09 april 2023 : Zanakala Fc # Disciples (kianja

"Stade Morderne Ampasambazaha Fianarantsosy), Jet Kintana # Mama Fc (kianja sentetika Mahitsy).

Rainilita

## Mialohan'ny basikety N1A Lahy sy Vavy

## Nifarana omaly alarobia 05 april 2023 ny fifindrana klioba

Nampahatsiahya an'ireo mpilalao basikety Malagasy naniry ny hifindra klioba, mialohan'ny fonombohan'ny fifaninanana nasionaly N1A lahy sy vavy 2023 hatao any Antsirabe ny FMBB « Federation Malagasy de Basket Ball », fa nifarana omaly alarobia 5 april 2023 ny fanatanterahana an'izany FIFINDRANA KLIOBA izany, ho an'ireo mpilalao rehetra tsy ankanavaka anatin'ireo sokajy ireo araka ny voafatribity ny lalana nohavaozina tamin'ny taona 2017 « aliea 3 », izay manam-



Fihonana basikety N1A lehilahy Malagasy.

bara fa tsy maintsy vita 10 andro mialohan'ny fanom-

bohan'ny fifaninanana hatrehana ny fifindrana klioba.

Rainilita

HALATRA BASIN'NY FONJAN'I VAVATENINA

## Mpiandry fonja 3 sy voafonja 3 nidoboka am-ponja

Rahara halatra basin'ny fonja tao Vavatenina faritra Analanjirofo, mpiandry fonja 3 sy voafonja 3 nidoboka am-ponja. Nahitam-bokany ny famotorana nataon'ny Zandarimaria mahakasika fahaverezana fitaovam-piadiana ; basy 4 sy bala maro, tao amin'ny fonjan'i Vavatenina ny harivan'ny 28 mar-

tsa 2023 lasa teo. Mpan-draharahan'ny fonja 3 sy olona efa mifonja 3 koa no naiditra am-ponja von-jimaika, raha arahi-maso ara-pitsarana kosa ilay le-hiben'ny fonja sy ny Le-fin.

Tazonina amin'ny fonja ivelan'i Vavatenina no amonjana azy ireo, raha ny fantatra.

Niaina



Ireo basy sy bala sarona.

Chorale Oribato Ambatonakanga

## “Hery iray”: amboarankira Paska ao anatin’ny faha-50 taonany

Ao anatin'ny Jobily Volamanen'ny Chorale ORIMBATO ao amin'ny FJKM Tranovato Ambatonakanga, no anolorany Amboarankira miavaka, ho fanka-lazana ny PASKA 2023. Nomeny ny lohateny hoe HERY IRAY ity fampise-hoana ity ary nankinina amin'ny Soratra Masina araka ny 2 Korintiana 12 : 9b manao hoe : « fa ny heriko dia tanterahina amin'ny fahalemena ». Hisy fizaram-potoana roa ka ny voalohany dia han-drenesana ireo hira Paska voafantina, izay noforonina ho an'ny Antoko Mpihira toy ny hoe Maty Jeso-sy (R. Harkness), Rano-maso (Hiary Rapanoelina AVM), Tafatsangana to-koaka (Andriamadamahatratra)... Ny Tapam-potoana faharoa dia hanandra-tan'ny Oribato ireo hira notsongaina avy tamin'ny



Ny Chorale Oribato ao amin'ny FJKM Tranovato Ambatonakanga.

fihiranam-piangonana samihafa, natokana hizara-na ny herin'ny fitiavan' Andriamanitra izay miton-dra fampihavanana sy fia-inana, satria resy ny fahafatesana, isan'izany ny Lazao lay tantaran'ny

Vony ( Fihirana Advantis-ta ), Misaotra Anao Jesoa Hôstia (Fihirana Katolika), Mamy ny fitianao (Fihirana Anglikana), ary hira nalaina tamin'ny fihirana Protestanta FFPM toy ny He manda fiarovana (FLM)

sy Tamin'ny andro voalo-hany (FJKM) . Fomba iray hanehoan'ny Oribato, fa iray ny fianakavian'ny Mpino Kristiana. Araka izany dia fotoana iray haneho-an fampiraisana ity Amboarankira PASKA hatolotry ny Oribato ity, ka hanasany am-pitiavana ny rehetra hiara -hidera an'Andriamanitra noho ny Heriny namonjeny antsika olombelona. Hira efatra ambiny folo no mandrafitra ity seho ity, izay tarinh'i Fabrice Razafiman-monjy ; ary eo amin'ny zava-maneno kosa no ahitana an'i Tsiresy Ra-jaonarifetra . Ao amin'ny FJKM Tranovato Ambato-nakanga no hanatanteraha-na izany, amin'ny Alahady 9 Aprily izao manomboka amin'ny telo ora sy sasany tolakandro, ary tsy misy vidim-pidirana.

Aly

RNT8 Morondava-Bekopaka

## Tsy maintsy misokatra hoy ireo mpisera-dia

Ny alatsinainy faha 27 Marta lasa teo, no nanomboka ny asa fanamboaran-dalana izay na-taon'ireo mpisera-dia ao amin'ny Tsingin'i Bemaraha any Be-kopaka. Izao no natao hoy izy ireo dia satria efa ho avy ny fotoana izay flavian'ireo vahiny mpizahatany hitsidika ny tsingin'i Bemaraha, ka noho ny fahasimbana misy amin'izany Lalana izany dia nanapa-kevitra ireo mpisera-dia ao Bekopaka, faha hanao tanamaro hanadio sy hanamboatra io Lalana io, satria mandeha ny fotoana, ny fanjakana toa tsy taitra. Isan'ny na-nampy nahafahana nanao izany tanamaro izany Andriamatoa Danil Abdullah, (DG) tale je-neralin'ny Groupe Kimony Lodges & Resort, izay nanome vola 2 tapitriza Ariary amin'ny fanatanterehana izany asa izany, teo ihany koa ny Assistant Ad-ministratif Bekopaka sy CB Be-kopaka, izay nanampy amin'ny fitandroana ny filaminana nandritra ny asa, sy fanomezan-tanana amin'ny fanatanterehana ny asa. Fanombohana ihany izao ataon'ny Guides sy Piroglier, ary ny Délégué sy CB Bekopaka izao, fa mbola hitohy amin'ny asa tanamaro izay hanentana ireo vahoaka maro izany. Nahita izany ny minisiry ny fizahantany, Joel Randriaman-

dranto dia tonga nitsidika ny faritra Menabe ny faha 02 sy 03 Aprily 2023, ka ny faha 02 ny Aprily izy no nigadona tao amin'ny Distrikani'i Miandrivazo ary namory ireo tomponandraikipanjakana, sy ireo mpisehatra amin'ny fizahantany ao Miandrivazo tao amin'ny Hotel EDEN de Tsiribihina ao Masiakampy, handinihana ny fandriampahalemana amin'ny ranon'i Tsiribihina, izay isan'ny mahasarika mpizahatany maro tokoa . Nitohy tany amn'ny ny kaominina ambanivohitra Tsimafana distrikan'i Belo sur Tsiribihina izany ny faha 03 Aprily tapany maraina ; izay nihaonany tamin'ny OMC, sy ireo mpisera-dia ary mpandrahahara eo amin'ny lafiny fizahantany ato amin'ny distrikani'i Belo hatrany Be-kopaka, ka nandray azy niaraka tamin'ireo solontenam-panjakanana ny ben'ny Tanana lefitra, satria ny ben'ny Tanana mbola tsy eto an-toerana noho ny fahoriana izay nihatra taminy. Ny mikasika ny fiomanana amin'ny fandraisana ireo mpizahatany amin'ity taona ity, no lahadinika, ka noresahina manokana ny fitandroana ny filaminana amin'ny fitaterana amin'ny ranon'i Tsiribihy iny, indrindra fa ny miala ao Begidro hatrany Be-kopaka. Nisy ny paikady nape-

traka, saingy mijanona tsiambarate eo amin'ny mpitandro filaminana izany. Nasian-teny tao ihany koa ny mikasika ny lalana RNT8, izay tsy maintsy hasiana fijerena haingana hoy ny Ministra, ka vola iray tapitriza no natolony ho an'ireo mpisera-dia ao Bekopaka, mba hanohizana ny asa-tanamaro ary nampian' Andriamatoa Danil Abdullah, DG ny Groupe Kimony Lodges & Resort iray tapitriza Ariary izany vola izany ary mbola nanome 400.000 Ariary ho an'ny fokontany Andimaka koa ity tale jeneraly ity, mba hahafahana manao asa-tanamaro. Tao aorian'izany, nitsidika ny Hotel Relais du Kiri-ndy ny minisitra sy ireo mpiaradia ary mpandrahahara eo amin'ny lafiny fizahantany ato amin'ny distrikani'i Belo hatrany Be-kopaka, ka nandray azy niaraka tamin'ireo solontenam-panjakanana ny ben'ny Tanana lefitra, satria ny ben'ny Tanana mbola tsy eto an-toerana noho ny fahoriana izay nihatra taminy. Ny mikasika ny fiomanana amin'ny fandraisana ireo mpizahatany amin'ity taona ity, no lahadinika, ka noresahina manokana ny fitandroana ny filaminana amin'ny fitaterana amin'ny ranon'i Tsiribihy iny, indrindra fa ny miala ao Begidro hatrany Be-kopaka. Nisy ny paikady nape-

Rajepa

hita avokoa ireo points noir miala Morondava hatrelo Belo/tsiribihina, fa noho ny tsy mbola fahafahan'ny Baka miasa dia mbola tsy afaka manohy hatrany Bekopaka izy ireo izao. Samy nitaky ny famoahana ireo fitaovana nomen'ny filoha ho an'ny faritra ny rehetra hanaova-ana asa vonjimaika ny lalana; samy vonona daholo ny rehetra hiatrika ny fandraisana ireo vahiny fitsidika an'i Menabe, izay efa manomboka miarin-doha raha ny resaka fizahantany no jerena ; miezaka manao izay vi-tany ireo mpandrahahara eo amin'ity sehatra ity ao Bekopaka sy Menabe amin'ny fanatsara ny kalitao sy fotodrafir'asa, mba handraisana ireo vahiny, izay efa maro ireo nanao famandrihana. Raha vinavinaina ho 300.000 ireo mpitsidika an'i Madagasika dia tsy ho very anjara ny faritra Menabe hoy ny Ministra ary ny tanjona dia ny mpizahantany iray tapitr'isa no hitsidika an'i Madagasikara amin'ny 2028. Isan'ny nanotrona ny minisitra hatrany, nandrit'izao fitsidihany an'i Menabe izao ny tale jeneralin'ny groupe Kimony Resort & Lodge, izay tsy mikely soroka amin'ny fitrandrahana ireo vokatra hisintonana ny mpizahantany ho aty Menabe.

Kolontsaina sy fetin'ny Paka

## Jazz Festival hatao any amin'ny Nosy Sainte-Marie

Kolontsaina sy fetin'ny Paka, hisy ny Jazz Festival hatao any amin'ny Nosy Sainte-Marie faritra Analanjirofo. Ho an'ireo mpan-kafy ny mozik jazz rehetra, na ho an'ireo te hitsangatsangana fot-siny dia hisy ny hetsika: Nosy Boraha Jazz Festival, hatao any Sainte Marie. Mpikarakara ny hetsika ny NBFJ, mpanohana ny Mi-nisteran'ny fizahantany, izao hetsika ara-kolontsaina izao dia efa-nanomboka omaly 5 april, ka tsy hifarana raha tsy amin'ny 10 april. Sady miala voly no mitsangatsangana no mankafy mozika ny any an-toerana.

Antony iray nisafidianana an'i Sainte Marie manokana ho an'ity andiany ity dia ny maha nosy manankarena amin'ny sehatry ny fizahantany azy, ary izao hetsika izao dia natao indrindra hampiro-roboana ny fizahantany sy ny kolontsaina, hisarohana mpitsidika maro ho avy eto Madagaskara.

Maro ireo mpanakanto malagasy handray anjara amin'izy ity, ao ireo mpiangaly jazz sangany eto Madagasikara toa an'i Samy Andriamanoro, Lalatiana, ao ihany koa i Denise, Weaver Trio, Yri-naf, sns... Fa mampiavaka azy ity ihany koa dia ny nanafarana mpanao jazz anisan'ny malaza avy any Etazonia dia i Sulaiman Hakim. Maro ireo fialamboly hatao amin'izany, tahaka ny feu de camp, animations gospel, ny "Jazz Train" miainga ao amin'ny gare Andasibe, sns... Hisy ihany koa ny hetsika ara-tsosialy hatao toy ny fizarana boky hanampiana ny sekoly any an-toerana.

Aly



Mpikarakara sy mpandray anjara, amin'ny Nosy Boraha Jazz Festival.

Mpanakanto « Guste »

## « Hanitsiako ny mpiara-belona ny Rap »

Soanandrasana Augustinna no tena anaran'ity tovolahy mpanao Rap gasy efa ho 08 taona izao ity. Guste no anarana nofividinhy isalorany anatin'ny habaky ny mozik Rap. Efa nahavokatra rakikira miisa 02 ahitana ny "Nahoana àry ?" sy ny "Rap Literatiora". Anisan'ny sanganasan'i Guste efa maro mpankafy sy mpiondana ilay vazony "Mediocratie". Hira manambara amin'ny fomba mahitsy toraka, fa maro ireo endrika tsy fahatombonana sy tsy fahampiana eo amin'ny fomba fitantanana an'i Madagasikara tahaka ny fision'ny kolikoly, ny fahantrana miompampana, ny trafika maloto amin'ny endrinhy maro, sns...).

Fitaovana iray mahomby ampitako ny fomba fijeriko ny fiaian'ny firenena (politika, sosialy, toekarena, sns...) sy ny fampahafantra-ana ireo lesoka mila ahitsy sy madilana mila tentenina eo amin'ny fiaian'-piaraha-monina amin'ny ankabopeny, araka izany, ny mozik Rap, hoy i Guste. Mora kokoa ny mampita ny hafatra anatin'ny zavakanto tahaka ny mozikha ho an'ireo mpiara-belona, hoy hatrany izy. Maro ireo olana sedraina anatin'ny fanaovana mozika, hoy i Guste nefy tsy natao sakana ireny noho ny fitiavana mivaiway ny taranja mozika. Ny fizarana miandalana hiazo ny sehatra mahamathianina no tanjona ho an'ity mpanakanto ity. Misokatra mala-laka ho amin'ny fiaraha-miasa sy fifanomezan-tanana ho fampiro-boroboana ny Rap gasy i Guste. Marihana fa nandalina ny lafiny fitantanam-bola "Finance" i Soanandrasana Augustinna ary manana ny mari-pahaizana "Maitrise". Manohy hatrany ny diany ny tovolahy !

Lalaso Razafindrakoto



I Guste, 08 taona niangaliana ny Rap gasy.

# Mpiandry raharaha

PHARMACIES DE GARDE  
01/04/2023 hatramin'ny  
08/04/2023

- AMPANDRANA (Am-pandrana) 020 22 258 99  
/ 034 19 341 82

- AMBODIVONA (Ambo-divona) 034 07 228 98

- MAHAMASINA (Mahamasina) 020 22 545  
58/020 22 545 59/034 07  
545 58

- ISORAKA (Isoraka) 020  
22 285 04/020 22 694 12

- CAPITALE (Rond point  
Ankazomanga) 020 23  
610 00/032 12 610  
00/033 28 693 88/034 25  
610 00

HJRA (urgences) :  
033 11 890 58 /  
22 279 79

HOMI Soavinandriana :  
22 397 51

Hopitaly Befelatanana :  
22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly  
Loterana Ambohibao :  
22 441 88 / 22 485 17

Clinique des Soeurs  
Ankadifotsy : 22 235 54

Ambulances municipales :  
22 200 40  
Jirama:

Telma : (22)3547 (n° vert) /  
Airtel : 03 35 47 /  
Orange : 032 32 3547

Pompiers :  
Tél : 118/ 22 250 18/  
22 225 66

Police :  
Hôtel Central de Police :  
17 / 22 227 35 / 22 357 09

1° Arrondissement  
Tsaralalana : 22 280 54  
2° Ambohibao : 22 309 46  
3° Antaninandro : 22 291 30  
4° Isotry : 22 280 51  
5° Mahamasina : 22 280 48  
6° Ambohimaranina :  
22 225 52  
7° 67 Ha : 22 291 29  
8° Analamahitsy : 22 493 25  
Brigade criminelle :  
22 216 78 / 22 210 29 /  
22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

Gazetim-baovao misoko  
intelo  
isan-kerinandro  
Vidiny: 600 Ar  
Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo

TALEN'NY FAMOAHANA :  
Rahelisoa A.  
034 79 07600

MPANAO GAZETY

**Politika:**  
Isambilo: 033 24 783 65  
Rajo: 033 80 022 53  
Andry Tsialavona 032 07 744 55

**Toe-karena :**  
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**  
Aris: 034 17 460 53  
Beharo : 032 02 557 89

**Fanantanjahantena:**  
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**  
gvalosoa@yahoo.com  
**NATONTAN'NY**  
Imprimerie de la RN7

Fametrahana 1422-04-2023  
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka,  
na antsantsa ampahibemaso  
raha tsy ahamoana alalana vita  
soratanana avy amin'ny  
tompony

## JIRAMA

# Manamafy ny fikarohana ireo tale jeneraly teo aloha ny Bianco



Vonjy Andriamanga sy Rivo Radaniela, tale jeneralin'ny Jirama teo aloha karo hina.

**M**anamafy ny fikarohana ireo tale jeneraly teo aloha tao amin'ny orinasa Jirama ny Bianco, n any Birao Mahaleotena la-diana amin'ny Kolikoly.

Namoahan'ny Birao misahana ny ady amin'ny kolikoly na ny BIANCO fanambarana fikarohana, sy didy fampisamborana ny Tale Jeneralin'ny JIRAMA teo aloha miiisa roa: Vonjy ANDRIAMANGA sy Rivo RADANIELINA.


Nanomboka ny volana novambra 2022 no nafampana ny toe-draharaha teo anivon'ity orinasam-panjakana ity. Tale manodidina ny 30 no efa nohenoina teny amn'ny Rantsam-pitsarana misahana ny ady amin'ny kolikoly, na ny PAC. Nisy ireo efa notanana amponja, ary tam'inizany no efa niely ny vaovao fa

namoahana didy fampisamborana ny Tale Jeneralin'ny Orinasa Rivo RADANIELINA, sy Vonjy ANDRIAMANGA, rehefa tsy tonga niatrika ny fakana ambava tamin'io fotoana io. Afak'omaly, manamafy izany ny famoahana taratasy avy eo anivon'ny BIANCO. Raha ny fantatra, isan'ny raharaha mahavoasaringotra ireto Tale Jeneraly roa teo aloha ireto, ilay raharaha " Prime Exceptionnelle" nozaraina ny taona 2021. Taratasy nanamarina izay niperitaka teto amin'ny tambazotra Facebook, nanodidina ny 40 tapitrisa ariary ka hatramin'ny 180 tapitrisa ariary, no notsinjaraina tamin'ireo tale teo anivon'ny Orinasa. Raha natambatra dia nanodidina ny 826 Tapitrisa ariary tany no nozaraina.

Stefy

## BEHARO

# Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao) N° 429



Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

## Valliny Teny Tondro (0428)

### Mitsivalana

- Firenena
- Ala
- Navotana
- Irina – Do
- Ome
- Sira – Aho
- Lainga (miv)

### Mitsangana

- Fanitso
- Ar
- Rovitra
- No (miv) – AG
- Natao
- Ela – May
- Nandeha
- Ao – Lo (miv)

Fetin'ny Paska

# Fihenam-bidy miavaka ao amin'ny Tranombarotra Baolai

Rehefa manakaiky toy izao ny fetin'ny Paska dia milina mandeha amin'ny rianaratra no mahasarika ny daholobe. Manana tolotra miavaka amin' izany filana izany ny Tranombarotra « Baolai » etsy Analakely, Soarano ary ao Bazar - be Toamasina, no « Distributeur Officiel » ny marika « Hisense » ( Sponsor Mondial 2022 ) eto Madagasikara efa ho 13 taona lasa izao. « Ho fano-mezana fahafampo ny besinimaro dia vao nahatonga Smart tv sy Télé Led misy manomboka 32 hatramin'ny 85 pouces izahay ( misy antoka 1 taona daholo ), izay misy fihenambidy samihafa. Ho an'ny 32 pouces Jeyoo dia manomboka 350.000 Ariary ny vidiny » hoy ny tompon' andraikitra. Mbola misy koa ny machine à laver double barre, Laser Tv 100 pouces, climatiser maro samihafa, table de mixage, panneaux solaires mono sy polychristalline, Smartphone, « Ary ho an' ireo izay manjifa ny televizionina iray 32 pouces hisense izay 529.999 Ariary ny vidiny, dia mahazofer à repasser iray », hoy ny tompon' andraikitra... Ny fanazavana fanampiny dia ho azo amin'ny pejy fb sy « site web »: baolai ary ao amin'ny laharana 020 22 308 48 - 033 37 188 88 ( amin'ny ora fiasana ). Dia hahafinaritra tokoa ity volana ity, mia-raka amin' ny Tranombarotra « Baolai ».

Aly



Karazan'entana hita amin'ny Tranombarotra Baolai.

## TENY MIFANAPAKA

N° 429

A	B	D	E	F	G	H	I	J	K
1									
2									
3									
4									
5									
6									
7									
8									
9									
10									

### Mitsivalana

1. Fanaka fihinanana
2. Lehiben'orinasa (miv) – Fansana mi-haja (mi)
3. Maneho fofona tsara – Mari-bola
4. Mpanolotra – Henoko
5. Habakabaka – Faran-teny
6. Kosa (miv) – Marika
7. Nandray
8. Mampandeha ny fiarakodia (miv)
9. Zava-diso, tsy marina – Heloka
10. Kamban-telo – Manaraka ny amontana

### Mitsangana

- A. Raim-pianakaviana
- B. Esorinao – Santa
- C. Tanimbar
- D. Taova – Mpanoritra
- E. Fiampitana
- F. G. Iray sy iray (miv) – Lalam-pirenena – Marika (BR)
- H. Matoanteny
- I. Renintsoratra tsy mitovy – Nefaina vola
- J. Bibikely lalandava (miv)
- K. Miaraka amin'ny atsy – Milaza fananana

## Valiny Teny mifanaraka 0428

### Mitsivalana

1. Fantarinao
2. Io – Vono (miv) – Do
3. Tranga – Fi(to)
4. Ia (miv) – Ta – Lena
5. Zavatra – Zo (miv)
6. Any – Ravaka
7. Na – Tamiko
8. Sira (miv)
9. Nenitoa – AA
10. Ao – AB – Inri

### Mitsangana

- A. Fitazanana
- B. Aorianareo
- C. Vy – In
- E. Tonta – Tsia
- F. Angatra – TB
- G. Roa
- H. Rambo
- I. IV – Lavinay
- J. Fe – Aky
- K. Adinoko – Ar
- L. OO – Aza – Fay



Délégation de l'Union européenne auprès de la République de Madagascar et de l'Union des Comores



**British Embassy**  
Antananarivo



Ambassade  
de la République fédérale d'Allemagne  
Antananarivo



Schweizerische Eidgenossenschaft  
Confédération suisse  
Confederazione Svizzera  
Confederaziun svizra

Ambassade de Suisse pour Madagascar,  
les Comores et les Seychelles



**AMBASSADE DU JAPON  
A MADAGASCAR**



Ambassade de Norvège

Bureau de l'Ambassade Royale de  
Norvège à Antananarivo

## FANAMBARANA

Maneho ny ahiahiny mahakasika ilay fanambarana nataon'Andriamatoa Tokely Justin, minisitry ny Atitany sy Fitsinjaram-pahefana tamin'ny 31 Marsa teo, izay mametra ny hetsika politika na famoriam-bahoaka atao anaty toerana mifefy, ataon'ny hery hafa ankoatran'ny mpitondra fanjakana, ireo masoivoho vahiny izay manao sonia etsy ambany.

Iray amin'ireo fototra iorenan'ny demokrasia ny fahafahana maneho hevitra an-kalalahana, izay voarakitra ao anatin'ny lalàm-panorenan'i Madagasikara tamin'ny 2010.

Nankatoavin'i Madagasikara ny Fifanarahana iraisampirenena momba ireo zo sivily sy politika tamin'ny taona 1971. Ny andininy faha-21 amin'io fifanarahana io dia mametraka ny fanekena sy fanamoràna ny zo hivory am-pilaminana hampiroborobona ny zo sivily sy politika amin'ny ankapobeny.

Na dia marina aza fa ilaina ny fitandroana ny filaminana dia tokony ho voalanjalanja ny fandrindrana azy ary tsy asiana fanavakavahana, araka ny rafitra momba ny zon'olombelona ao amin'ny Firenena Mikambana.

Ny fenitra iraisam-pirenena mahakasika ny zon'olombelona dia tsy manisy fanavahana manokana na mialoha na mandritran'ny fididianana, fa tokony mety foana rehefa mifanaraka amin'ny tombontsoan'ny olona sy ireo fikambananan'ireo antoko politika, mba hiantohana ny fampandehanana araka ny tokony ho izy ny demokrasia.

Maneho ny ahiahiny ireo masoivoho noho izany, amin'izay mety ho fiantraikan'io fanapahan-kevitra noraisina io. Mety hampihenjana ny rivo-politika eto Madagasikara io amin'izao ankatoky ny fididianana izao, kanefa tokony hisy aza ny fifampitokisana eo amin'ny mpandray anjara rehetra, araka izay novoizina nandritra ny fivoriana nokarakarain'ny CENI tamin'ny 24 martsa lasa teo. Ny fanantenan'ireo masoivoho, amin'ny maha namana sy mpiara-miombon'antoka amin'i Madagasikra dia ny hahita ffdianana mangarahara, azo antoka, malalaka, ary milamina amin'ity taona ity.

### Ny manao sonia :

Delegasion'ny Vondrona Europeana

Masoivoho Alemana

Masoivoho Amerikana

Masoivoho Frantsay

Masoivoho Japoney

Masoivoho Britanika

Masoivoho Soisa

Biraon'ny Masoivoho Norveziana